


TORITENY - BATEMIN'NY TOMPO - Taona D



"Ianao no Zanako malalako, Ianao no ankasitrahiko indrindra". (Lk 3, 22)

Ry kristianana havana raha tamin'ny Alahady lasa teo atsika nankalaza ny Epifania izany hoe Andriamanitra niseho tamin'ny olona, niseho tamin'ny firenena rehetra, dia mbola anatin'ny Noely isika, Andriamanitra eto anivontsika, Emanoela. Izay ihany koa izao Alahady ankalazantsika ny Batemin'ny Tompo izay Alahady hamaranantsika ihany koa ny fotoan'ny Noely. Ny Batemin'ny Tompo dia mbola fanehoan'Andriamanitra fa eo anivontsika izy, ary ny batemy noraisintsika dia azo lazaina fa Noely ihany koa. Marina fa ny Paka no asongadina amin'ny batemy izany hoe fialantsika tamin'ny

fanandevozan'ny fahotana tahaka ny nanandevoza ny vahoakan'Andriamanitra tany Ejipta namakivaky ny tany efitra ka nandalo ny ranomasina mena. Ny batemy dia fandalovana sy famakivakiana koa an'izay efitra izay ka mitondra atsika amin'ny tany nampanantenaina. Ny tany nampanantenaina amintsika dia isika mandova ny mahazarak'Andriamanitra atsika, izay ny batemy amintsika fa azo lazaina ihany koa fa fanehoan'Andriamanitra fa eo anivontsika izy ary ao am-pontsika izy indrindra amin'izao taona ny famindrampon'Andriamanitra

izao. Ka raha miara-mankalaza isika anio ny batemin'i Jesoa no mamarana ny Noely izany hoe ny fankalazana no faranantsika fa raha ny tena marina dia irin'Andriamanitra, irin'ny Eglisy amin'ny alalan'ny fankalazana ny batemin'i Jesoa fa isika ihany koa amin'izao no Noely, ny fiaianantsika aoka ho Noely izany hoe fanehoana an'Andriamanitra eo amin'ny mpiara-belona amintsika. Izay no tena hafatr'ireo tenin'Andriamanitra amintsika androany dia i Jesoa no ilay sitrak'Andriamanitra maneho azy eo amin'ny mpiara-belona, izay no ambaran'Izaia mpaminany : « Indro ny mpanompoko, ilay sitraky ny foko » Izay koa no niseho teo amin'ny ranon'ny joridany raha nisy an'ireo voromailala sy ny hafatr'Andriamanitra henontsika tamin'ny Evanjely teo.

Vakiteny I : Iz 40, 1-11

Tononkira : Sal. 103, 1b-2. 3-4.

Vakiteny II : Tito 2, 11-14; 3, 4-7

Evanjely : Lk. 3, 1 5-1 6. 21-22

Raha nanao batemy an'i Jesoa i Joany dia hitan'ireo manodidina teo ilay voromailala ary nisy feo nilaza hoe : « Inty ny zanako malalako ilay ankasitrahako indrindra ». Isika koa izay rehetra natao batemy dia izay teny nataon'Andriamanitra tamin'i Jesoa izay ihany koa no ataony amintsika. Tanteraka tokoa izany satria voavonjin'i Jesoa isika tsy noho ny fahamendrehantsika fa noho ny famonjen'Andriamanitra ary izay no ambaran'i Joany Batista raha nilaza izy hoe : « Izaho no tokony hataonao batemy » manambara ny tsy fahamendrehena izay kanefa fantatsika fa nanaiky ho tonga olombelona Andriamanitra mba hanavotra atsika ka hahatonga atsika ho zanak'Andriamanitra ary izay no ankalaizantsika androany izao. Izay no ambaran'i Piera ao amin'ny boky Asan'ny Apostoly fa isika ihany koa nomen'Andriamanitra ho tonga zanak'Andriamanitra, nosoran'Andriamanitra tamin'ny fanahiny ka tonga zanany. Noho izany anjarantsika ary, isika izay vita batemy tahaka nataon'i Piera no mizara an'izay famindrampon'Andriamanitra izay no mizara eo amin'ny mpiara-belona amintsika, isika no zary endrik'Andriamanitra eo amin'ny manodidina atsika ka manambara ny vaovao mahafaly. Iantsoana atsika indrindra amin'izao taona masina izao, taonan'ny famindrampo izao ka hametrahana an'ity fanontaniana ity hoe : nataonao inona ary ny bateminao ?

Ry kristianina havana, isika olo araiky indrindra isika eto amin'ny diosezy, amin'izao iainantsika ny faha-60 taona ny diosezintsika izao, fanontaniana mipetraka : nataonao inona ny bateminao ? fa napetraka tany Vohemar io fanontaniana io tamin'ny fankalazana ny faha-100 taona. Averina amintsika amin'izao andro ankalaizantsika ny batemin'ny Tompo izao ka mampahatsiaro ny batemintsika koa. I Jesoa tonga eto anivontsika, Emanoela manambara fa tonga zanak'Andriamanitra isika. Fahasoavana izay, nomen'Andriamanitra famindrampony isika, tsy mizaha tavan'olona tokoa Andriamanitra fa izay matahotra azy sy manao ny marina dia afaka mandray azy. Isika koa izay vita batemy dia zanak'Andriamanitra tahaka an'i Jesoa. Hamakivaky ny taona masina isika ka hapetraka amintsika ny fanontaniana : Ry Kristianina havana, nataontsika inona ny batemintsika, ataontsika inona ny batemintsika ary hataontsika inona ny batemintsika ?

Raha ny fampianarana efa natolotra antsika dia fantantsika ny dikan'izay, anjarantsika tsirairay avy no mandinitena amin'izao fanombohana ny taona masina izao ao anatin'ny fanombohantsika ny faha-60 taonan'ny diosezy izao.

Ry Jesoa Tompo ô, tonga eto anivonay tokoa ianao, ianao no zanak'Andriamanitra, ianao no endriky ny famindrampon'Andriamanitra, tsy misy mafina aminao ny fiainanay, fantatrao ny fahalemenay, fantatrao ny zava-misy iainanay. Matetika izahay no menatra noho ny tahotra, ny fialonana tsy sahy mijoro amin'izay hoe mahazanak'Andriamanitra izay ka enga anie ampianao ny fahasoavanao izahay ka ho afaka hijoro bebe kokoa eo amin'izay fiaianana mahazanak'Andriamanitra anay izay ka hampanjaka bebe kokoa eo amin'ny manodidina anay ny fitiavanao. Enga anie tsy hoe vita batemy izahay dia vita fa dingana iantsoanao anay ka hahatonga anay ho famantaram-pamonjena ihany koa eo amin'ny mpiara-belona aminay. Ry Jesoa Tompo ambarao anay, ianao ilay mpanala ny fahotan'izao tontolo izao, ny teninao ka ampio izahay mba hanaraka azy eo amin'ny fiainanay andavanandro. Amen